A Journal of Plants, People, and Applied Research
Ethnobotany Research & Applications

Asa-Tanana Sy Tao-Zavatra

Richard Randrianaivo

Teny Fampidirana

Madagasikara dia fantatra eran-tany amin'ny fananany zavamaniry hafakely maro karazana, ary ny ankamaroany dia tsy fahita any an-toeran-kafa. Mbola maro amintsika Malagasy no tsy mahatsapa fa loharanon-karena lehibe izy ireny na ho an'ny mponina manodidina az izany na hoan'ny firenena iray manontolo. Hatramin'izay dia nampiasaina hatrany ny ala mba hahalavorary ny fiainana (andavanadro na hafa). Notovoizina avy ao avokoa ny zavatra ilaina manomboka amin'ny fanafody izany ka hatrany amin'ny fanaovan-trano.

Hoan' i Madagasikara manokana dia mbola tsy ampy, mba tsy hilazana hoe tsy misy ny fahalalàna mikasika izay fifandraisan'ny olona sy ny ala izay, noho ny tsy fananana fomba fiasa manaraka ny toetr'andro . Koa mba ho fanombohana ny famahana izay olana izay ary dia niantso an'Andriamatoa Will McClatchey, Profesora avy ao amin'ny Oniversitén'i Hawaii ary mpikaroka manampahaizana manokana momba ny fifandraisan'ny olona sy ny zavamaniry ny MBG (Missouri Botanical Garden) sy ny KNARP (Karoka Nasionaly Ampiharana ny Raki-Panafody), mba hampihofana tanora mpikaroka malagasy 10-12 avy amin'ny lafivalon'ny Nosy. Ny atrik'asa fiofanana moa dia vita tao Antananarivo Madagascar ny 22 martsa ka hatramin'ny 4 aprily 2005 lasa teo. Ireo mpihofana nanatrika an'ilay atrik'asa dia nolazaina mba hampiely ny fahalalana azony amin'ireo Malagasy namany sy mpiaramiasa aminy. Lohahevitra maro no nofakafakaina nandritra ny fiofanana, anisan'izany ny hoe "***asa-tanana sy tao zavatra***" izay nomena an'i Andriamatoa Richard Randrianaivo ny fikarahona sy ny fanadihadihana ny lohahevitra Koa indro omena etsy ambany ny fomba fiasa sy ny vokatry ny fanadihadiana natao mikasika io lohahevitr'io, tao amin'ny toerana atao hoe Sahamamy sy Morarano, tanàna kely roa monodidina ny alan'ny Analalava, amin'iny faritra antsinanan'i Madagasikara iny.

Fomba Fiasa

Rehefa vita ny fampianarana an-dakilasy tamin'ny atrik'asa dia nidina tany Analalava Foulpointe ny mpizaika mba hanao ny fampiharana. Natomboka tamin'ny fihaonana tamin'ny fokonolona teo an-tanàna ny asa. Izany dia mba hampahafantarana ny mponina ny mombamomba ireo mpizaika tsirairay, ny anton-diany, ary ny zavatra kasainy hatao eo amin'ny manodidina. Rehefa nazava ny resaka dia nanontaniana ny olona na mazoto izy na tsia hiara-miasa hahatanteraka ny tanjona ho tratrarina. Nanambara moa izy ireo fa vonona tanteraka hifanampy hanatontosa ny asa rehetra atao. Tsara marihina etoana fa nanamora ny fifandraisana tamin'ny mponina tao antanàna ny asa efa natomboky ny MBG tamin'ny alalan'ny solontenany, Andriamatoa I i Lehavana Adolphe sy ireo mpiara-miasa aminy, izay mpiandraikitra ny tetik'asa Analalava.

Raha ny mikasika ny lohahevitra hoe "***asa-tanana sy taozavatra***" dia natomboka tao Sahamamy ny fanadihadiana, ary nitohizana tany Morarano ny ampitso. Ireto

Correspondence

Richard Randrianaivo, Missouri Botanical Garden, BP 3391, Antananarivo101, MADAGASIKARA.
Randrianaivo.Richard@mobot-mg.org

Ethnobotany Research & Applications 3:349-352 (2005)

manaraka ireto ny fanontaniana napetraka tamin'olona tamin'izany fanadihadiana izany:

- Inona avy ny asa-tanana sy tao-zavatra vokarina ety aminareo?
- Inona ireo karazan-javamaniry hampiasaina amin'izany?
- Mbola betsaka ve ireo zavamaniry ireo eny amin'ny toerana haniriany sa efa sasatra?
- Ahoana ny fomba atao ho fikarakara alohan'ny hahatonagavana amin'ny vokatra farany?
- Karazan'olona toy inona no tena manao izany asa-tanana izany (lahy, vavy, lehibe sa kely)?
- Miteraka vola ve izany tao-zavatra izany sa tsia?
- Raha eny, iza no mpanjifa ary aiza no amidy izy ireny?

Ireo olona tompon-tanàna izay nanatrika sy nanotronina anay tamin'izany moa dia samy namaly ireo fanontaniana araka izay fantany.

Rehefa tapitra ny fanadihadiana teny an-tanàna dia nitohy teny an-tsaha ny asa. Izany no natao dia mba hahafahana mijery ifotony ny toerana misy ireo zavamaniry fampiasa amin'ny tao-zavatra sy ny fiaimpiainan'izy ireny, ary koa hahafahana maka santionany mba ho porofo na vavolombelona.

Vokatra

Telo karazana ny asatanana vita avy amin'ny zavamaniry imasoan'ny mponina manodidina ny alan'Analalava: ny rary, ny tenona, ary ny fanamboarana fanaka.

Rary

Ny rary no mitana ny laharana voalohany amin'ny tao-zavatra sy asa-tanana ao Sahamamy sy Morarano. Ireto avy ny karazan-javamaniry ampiasaina amin'ny rary : Penja, Horefo, Vendrana, Vakoana, Ravinala, Forombato, Vahatra, Rafia, Volo.

Penja

Ny Penja dia bozaka maniry eny amin'ny honahona na ankonkana, manana haavo 1-2 m. Mbola tsy hatahorana ho lany tamingana ny Penjy amin'ity faritra ity satria bozaka mora mitsiry izy io aorian'ny fijinjana azy. Voalaza fa tsy manjary hambolena vary ny tany haniriany, antony iray koa mbola mahabetsaka azy io.

Jinjaina amin'ny kiso na antsy eo amin'ny manakaiky ny fotony izy io, angonina dia hafatotra mba hahafahana milanja na miloloa azy ho eny an-tanàna. Miandahy miambavy ny fangalana azy any antsaha. Rehefa tonga eny antanàna dia horehana amin'ny lavenona (lavenona avy ao am-patana) izy io, kobanina amin'ny rano, atapy amin'ny masoandro mandritry ny tapakandro mba ho maina, tadiana, totoina na fisahina amin'ny alalan'ny hazo. Rehefa vita izay dia vonona amin'ny asa-rary ny penja.

Loharano-mbola ho an'ny tokantrano tsirairay ny rary penjy na dia asam-behivavy manontolo aza. Ankoatry ny fampiasana azy an-davanadro dia azo hamidy avadika ho vola ireo tao-zavatra maro samihafa vita avy aminy. Ny tsihy, ny satroka, ny tanty, ny lafika dia anisan'ireo tao-zavatra maro vita avy amin'ny penjy. Ny olona avy ao Foulpointe, Toamasina, ary Antananarivo no mandray ny rary penja vita avy eto Analalava. Lova niampita avy any amin'ireo Ray aman-dReny teo aloha ny fahaizana ny rary ka saika tapitra mahay azy avokoa ny zatovovavy sy ny reny ao Sahamamy sy Morarano.

Horefo

Tahaka ny Penjy, ny Horefo dia bozaka maniry amin'ny honahona na ankonkana. Manana haavo 1 m eo ho eo kosa izy. Matetika dia miara-maniry amin'ny penja izy. Efa sasatra ny fahitana ny Horefo ao amin'ny faritry Sahamamy sy Morafeno Manjary hambolena vary ny tany misy azy, mety antony iray maha vitsy azy io satria havadiky ny mponina ho tanimbary ny tany haniriany.

Alohan'ny asa rary dia mitovy ny fikarakarana ny Horefo sy ny Penjy. Ny maha-samihafa azy fotsiny dia horehana amin'ny fasika anaty rano ny Horefo fa tsy mba amin'ny lavenona toa ny Penja.

Asa tanana maro no vita amin'nyhorefo toy ny satroka, ny tsihy, ny tanty. Amidy hahazoa-mbola ihany koa ny tao-zavatra vita aminy. Voalaza fa tsara no lafo kokoa ny asa-tanana vita avy amin'ny Horefo raha hampitaina amin'ny penja.

Vendrana

Tahaka ny Horefo sy ny Penja, ny Vendrana dia mbola anisan'ireo bozaka maniry eny amin'ny honahona ihany koa. Manana haavo 1 – 2 m. Efa sasatra ny fahitana ny vendrana. Bozaka manambara ny fahalonaky ny tany izy, ary dia manjary hambolena vary ny tany haniriany. Antony iray mahasasatra azy io koa izany.

Jinjaina, atapy mandritry ny 2 andro, avy eo dia torina madinika amin'ny kiso na karima alohan'ny asa rary.

Tsihy na lafika ihany no taozavatra atao avy aminy aty amin'ny faritra antsinanana. Azo avadika ho vola ihany koa ny zava-bita amin'ny vendrana ankoatran'ny fampiasana azy andavan'andro. Marihina anefa fa tsy mampiasa firy ny vendrana ny olona raha mbola misy koa ny penja sy ny horefo.

Forombato

Ny forombato dia mbola karazana bozaka maniry eny amin'ny honahona ihany koa, manana haavo eo amin'ny 1- 2 m. Mbola betsaka izy eny amin'ny manodidina; ny antony iray moa dia tsy manjary hambolena vary ny tany haniriany.

Hongotana na jinjaina no fakana azy eny antsaha. Atapy amin'ny masoandro mandritry ny 1 andro alohan'ny handrariana azy. Ny tsihy, ny satroka, ny tanty no vita avy aminy izay azo amidy avadika ho vola.

Vakoana

Sokajin-javamaniry tsy hita afa-tsy any anaty ala ny Vakoana, anisan'izany ny alan'Analalava. Hazo mahatratra hatrany amin'ny 10 m ny haavony. Mbola misy ity karazan-kazo ity ao Analalava na dia tsy betsaka intsony aza noho ny fintrandrahana azy be loatra. Ny fikajiana ny aty ala ihany araka izany no antoka iray tsy hahalany tamingana ny vakoana.

Eto dia ny raviny izay mety mahatratra 3 m ny halavany no hampiasaina. Rehefa avy esorina ny tsilo amin'ny sisin- draviny dia torina madinika ny ravina. Rariana lena izy avy eo, izay vao atapy masoandro mba ho maina ny rary.

Lafika ihany no vita avy aminy. Eny an-toerana ihany no hampiasaina ireo lafika ireo fa tsy amidy mba hivadika vola.

Rafia

Hazo maniry amin'ny honahona ny Rafia, mahatratra 10-15 m ny haavony. Efa miha-vitsy ny Rafia ety amin'ny faritr'Analalava, ka misy efa manomboka mamboly sy mitarimy azy ny mponina manodidina.

Tao-zavatra maro no vita avy amin'ity karazan-kazo ity. Ny ravina no tena ampiasaina mba hahazoana ny tadindRafia izay antsoin'ny be sy ny maro hoe rafia. Ankoatry ny tady azo avy aminy dia hakana taolankira izy hanamboarana banabana na tandroho hangalana laoka na trondro. Raha ho an'ny asa rary manokana dia ny taolany na ny baobaon'ny raviny no ampiasaina. Litsero na sahafa no asa tanana vita avy aminy. Amidy amin'ny faritra maro eto Madagasikara ny litsero vita avy aty Analalava. Ny tain-dRafia sisa tavela moa dia azo ampiasaina atao sesikidoro.

Amin'ny asa rary rehetra dia ilaina foana ny Rafia atao tady hanjairana. Amidy ny tady na taozavatra vita amin'ny rafia. Sady mafy no tsara ary lafo vidy izy ireo

Nanto

Ny Nanto dia hazo madinika na vaventy mety manana haavo mahatratra 35 m. Saika hita betsaka izy amin'ny ala atsinanan'ny nosy Madagasikara. Fantatra amin'ny fisian'ny dity fotsy amin'ny tenany rehetra sy ny hodiny mena izy. Anisan'ireo hazo be mpitrandraka izy amin'ny fanaovan-trano sy fanaka. Vokatr'izay dia efa vitsy dia vitsy izy any an'ala.

Ampiasaina ny nanto hahazoana loko mena handokoana ny rary. Ny hoditra, izay miloko mena rahateo no hampiasaina amin'izany. Hampangotrahina miaraka amin'ny vovotany ny hoditra Nanto, hasoka ao ny rary na zavatra hafa mba hahazoany ny loko mena. Ity fomba amam-panao ity no nipoiran'ny ohabolana malagasy manao hoe "lamba landy nasoka hodi-Nanto ka ny mamerina indroa manana ny antitra".Maro karazana ny nanto fa ny nanto nengitra no voalaza fa fampiasa amin'ity fandokoana ity.

Vahatra

Vahy madinika hita any anaty ala na eny amin'ny savoka ny Vahatra. Mbola betsaka izy ity na any anaty ala na eny akiaka.

Ampiasaina ny Vahatra mba handokoana ny rary ho mavo. Ny fakany na ny vahatra no ampiasaina amin'izany. Hampangotrahina ao anaty rano ny vahatry ny Vahatra, asoka ao avy eo ny rary mba hahazoany ny loko mavo.

Tenona

Ny Rafia no hazo hampiasaina amin'ny asa tenona. Ny raviny no tena ilaina amin'izany. Koa satria efa voalaza teny ambony ny fomba fiainan'ny rafia, ka indro ny fomba fakana ny tadin-drafia no velabelarana etsy ambany.

Firaina manapaka amin'ny alalan'ny kiso na karimo avy eo amin'ny lafiny ambany ny ravina mbola tanora sady mbola mando. Esorina ny kirany mba azahoana ny tadin-drafia. Atapy amin'ny masoandro avy eo ary dia tenomina ho tonga lamba rehafa maina. Ankoatry ny lamba dia mbola azo hanaovana fanaka samy hafa ny rafia (seza, satroka …). Sady tsara no mafy ary lafo vidy ny asa-tanana vita avy amin'ny rafia

Tsy dia manao ity tenona ity firy intsony ny mponina ety amin'ny faritry Analalava noho ny fahavitsian'ny rafia. Izany indrindra no manosika ny olona sasany hamboly sy hitarimy azy.

Fanaka

Karazan-javamaniry maro no ampiasaina hanamboarana fanaka. Anisan'izany ny Nanto, Lalona, Hazovola, Hintsina, Merana, Longotra. Saika hazo tsy hita afa-tsy any anaty ala ihany ireo hazo fanaovana fanaka ireo. Hazo

vaventy sady mafy avokoa izy rehetra ireo. Efa sarotra ny fahitana azy ireo ao anaty ala noho ny fitrandrahana azy be loatra tany aloha tany.

Fanaka an-trano maro samihafa toy ny seza, harimoara, varavarana, ary koa ny lakana no taozavatra vita avy amin'izy ireo. Noho izy ireo efa vitsy dia vitsy any anaty ala, dia mihena torak'izany koa ny fanamboarana fanaka ety amin'ny manodidina ny alan'Analalava. Manampy trotraka an'izay fihenana izay koa ny tsy fahampian'ny fitaovana.

Fehiny

Dia mbola mitoetra ho anisan'ny loharanom-bolan'ny tokatrano tsirairay ato amin'ny faritry ny alan'Analalava ny asa-tanana sy taozavatra, eny fa na dia mbola mijanona ho asam-behivavy manontolo aza izy ireo. Tsapa fa ny rary no mitana ny laharana voalohany eo amin'izay fidirambolan'ny tokantranoizay raha ampitahaina amin'ireo asa tanana hafa. ,. Hita araka izany fa mbola mitana toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny olona manodidina ny alan'Analalava ny fanaovana rary. Noho izany dia miteraka tombontsoa ho an'ny mponina amin'ny manodidina ny alan'Analalava ny fikajiana sy ny fitantanana araka ny tokony ho izy ity ala voajanahary ity.

Raha atao bango tokana dia azo ambara fa toy ny vary sy rano ny mponina manodidina sy ny alan'Analalava, ka tsy mifanary na an-tsaha na an-tanàna. Koa tandrovy sy hajao ary re ry vahoaka manodidina an'Alalava ny ala fa lova saobidy hoan'ny taranaka mifandimby izy io.

Fisaorana

Isaorana etoana ny :

- KNARP sy MBG tamin'ny fikarakarana sy ny fanantanterahana an'ity fihofanana ity.
- Mpampihofana, Profesora Will McClatchey sy Ramatoa Lisa Gollin, nanaiky nizara ny traikefa nananan'izy ireo tamin'ireo malagasy vitsivitsy niatrika izany fihofanana izany.
- Fikambanana samihafa niara-nanatontosa izao fifampihofanana izao.
- Mponina tsy ankanavaka tao Sahamamy sy Morarano tamin'ny fiaraha-miasa.
- Ny lehiben'ny Kaominina Mahavelona/Foulpointe nanaiky ny hanatanterahana izao atrik'asa izao.
- Lehavana Adolphe tamin'ny fanelanelanana sy ny asa izay nataony mialoha ka nahamora ny fifandraisana tamin'ny mponina.